# Lesona 6: Mpitolona Amim-Bavaka

## A. Lesona momba ny vavaka avy amin'i Daniela

1. Inona ireo tantara malaza momba an'i Daniela voarakitra ao amin'ny Baiboly?
2. Raha mamaky ny Bokin'i Daniela ianao, dia hahitanao fa mpitolona amim-bavaka i Daniela. Ahoana no namalian'i Daniela ny didy navoakan'i Nebokadnezara Mpanjaka hampamono ny olon-kendrin'i Babylona rehetra? Daniela 2:17-23
3. Inona no ianarantsika momba ny fiainam-bavak'i Daniela tamin'ny fomba namaliany ny fandrika natao ho azy tamin'ny fotoana nanjakan'i Dariosy Mediana? Daniela 6:4-10
4. Nandohalika i Daniela rehefa nivavaka. Daniela 6:10 Tokony hanahaka azy ve isika? Lioka 22:41, Asa 7:60, 9:40, 20:36, Salamo 95:6, sns.
5. Moa ankasitrahan'Andriamanitra ny fihetsika hafa rehefa mivavaka? (2 Tantara 20:5-6; Lioka 18:11, 13, Apokalypsy 4:9-11, Deoteronomia 9:25, 1 Tesaloniana 5:17, sns..

## B. Lesona momba ny vavaka avy amin'i Enoka

1. Joda 14–15 Mpaminanin'Andriamanitra i Enoka.
2. Genesisy 5:22-24 Inona no ianarantsika avy amin'io fijoroana ho vavolombelona fohy momba ny fiainan'i Enoka io?
3. Mbola velona i Adama rehefa teraka i Enoka. Inona no nety ho nianaran'i Enoka momba ny vavaka sy ny fifandraisany amin'Andriamanitra avy tamin'i Adama dadabeny?

## D. Lesona momba ny vavaka avy amin'i Mosesy

1. Eksodosy 33:7-11,12-23 Inona no ianarantsika momba ny vavaka avy amin'io resaka nifanaovan'i Jehovah sy Mosesy io?
2. Inona no ianarantsika avy amin'ny vavak'i Mosesy ho an'i Miriama anabaviny? Nomery 12:13 (jereo koa ny Matio 5:44).
3. Inona no ianarantsika avy amin'ny vavak'i Mosesy, rehefa avy nivavaka tamin'ilay ombilahy kely volamena teo amin'ny Tendrombohitra Sinay ny olona? Eksodosy 32:31-32
4. Inona no azontsika ianarana momba ny vavaka avy amin'ny vavaka hafa nataon'i Mosesy? Eksodosy 15:24-25, 17:4, Deoteronomia 9:22-29, sns.

## E. Lesona momba ny vavaka avy amin'i Hana

1. 1 Samoela 1:9-15 Ahoana no hevitrao momba ny halalin'ny vavaka nataon'i Hana?
2. Inona no ianarantsika avy amin'ny vavak'i Hana ao amin'ny 1 Samoela 2:1-10? (Jereo koa ny Efesiana 6:18).
3. 1 Samoela 2:19 Araka ny hevitrao, inona no nataon'i Hana rehefa nanenona akanjo isan-taona ho an'ny zanany lahy izy?
4. Inona no ifandraisan'ny vavak'i Hana ho an'ny zanany sy ny fiainany tamin'ny fanompoana nahatoky tamin'ny naha-mpaminanin'i Jehovah azy? 1 Samoela 1:27-28.